Mangatsiaka ny andro fa… 3
**Miha-mafana ny toe-draharaha politika ...**

Raharaham-pirenena 2
**Mpitondra manan-kambo no ilaina fa tsy matin-kambo**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Alakamisy 30 jona 2022 Laharana 1314 Vidiny : **500 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Ministeran'i Edgar 2
**Ministeran'ny olana sy tsy mahavaha olana hoy ny depiote Todisoa**

Faha-20 taonan'ny antoko TIM 3
## Fotoan-dehibe mandritra ny 3 andro etsy Behoririka



Delestazy 6
## Tezitra amin'ny Jirama koa ny mpanakanto Mr Sayda



Malagasy manana zom-pirenena hafa 2
## Tsy azo ialana ny fikaonandoham-pirenena ho fampandrosoana



Alliance Diaspora Malagasy (ADM) 3
## Tena misafotofoto ny raharaham-pirenena, sahirana ny vahoaka



Tranga mampalahelo sy mahamenatra 6
**Dadatoa tsy vanona nanolana ny zana-drahalahiny 7 taona**

Fitarainana 6
**Tandindonin-doza ny ao amin'ny ministeran'ny fahasalamana**

**Daka kely**

Tena tsy alehany mihitsy ianareo sy ny ekipanareo hoy ny depiote ry Boaikely a !

MINISTERAN'I EDGAR

# Ministeran'ny olana sy tsy mahavaha olana hoy ny depiote Todisoa

Anisan'ny nandray fitenenana tamin'ny fametraham-panontaniana tamin'ny governemanta teny amin'ny CCI Ivato afak'omaly, ny depiote Todisoa Andriamampandry avy amin'ny antoko TIM voafidy tao amin'ny Boriboritany faha-6. Nahitsy ny depiote Todisoa amin'ny tsy fahavitan'ny ministra sy ny governemanta ny asany.
Niantefa tamin'ny minisitry ny angôvo ny mikasika ny fahatapahan'ny jiro sy rano. Eo ihany koa ny vidin-tsolika sy ny ho fiakarany. Aiza ny vola fanampiana mikasika ny jiro sy rano?
Tamin'ny minisitry ny fambolena sy ny fanajariana ny tany: mila fanatsarana ny vavarano eny Laniera sy Imamba. Mila hatsaraina ny fanarian-drano eny amin'ny lemak'i Betsimitatatra.
Ho an'ny minisitry ny filaminam-bahoaka: aiza ilay poste Avancé roa nampanantenaina ny mponina Ambohimanarina? Aiza ny mahakasika ny kidnapping toa tsy andrenesam-peo ianareo?
Tamin'ny ny minisitry ny varotra sy ny Indostria: minisiteran'ny olana no misy anao fa tsy misy fepetra raisina mihitsy? Ministeran'ny olana sy tsy mahavaha olana arak'izany ny ministeran'ny ministra Edgar Razafindravahy.
Ho an'ny minisitry ny fanabeazam-pirenena: mbola hakana vola ihany ve ny mpianatra manala fanadinana, ahoana ireo kolikoly maro toa tsy misy fanadihadiana mihitsy?
Ny lohany mihitsy koa no matsatso amin'ity governemanta Ntsay Christian ity, ka tokony hiala, maro ireo olam-bahoaka tsy voavahany.


*Ny depiote Todisoa teny amin'ny CCI Ivato.*

***Niaina***

Raharaha Vazahabe sy ny mpanolotsaina

# Amin'ny 19 jolay ny didim-pitsarana

Niakatra teny amin'ny fitsarana indray, afak'omaly ny mpanolotsainan'ny tanàna Clemence Raharinirina sy Lily Rafaralahy ary ireo mpanolotsaina namany TIM, noho ny fitorian'ny ben'ny tanàna Vazahabe sy ny CUA. Nisy ny fanambarana nataon'ny mpanolotsaina Clemence tao aorian'izany. " MISAOTRA an'Andriamanitra lehibe fa vita indray ny fitsarana androany. MISAOTRA be dia be ireo mpanotrona ihany koa, ao anatin'izany ireo député TIM, ny jeune RMDM, ny mpanao politika samihafa, ny solontenan'ny syndicat SSM, ny mpanolotsaina namana, ny vondron'ny fikambanana, ny olon-tsotra, ny avy amin'ny FTAR, ny Vehivavy TIM Ary ny mpanao FB manohana sy mitrotro am-bavaka. Ny akony: nahemotra fanintelony amin'ny 12 jolay indray ilay raharaha mifandraika amin'ilay nisamborana ahy teny Ankorondrano, ka Antony avy amin' ny mpitory hatrany ny fanemorana. Notsaraina ilay raharaha nitorian'i Lalatiana Ravololomanana sy Balita anay. Mpanolotsaina 09 no niatrika ny mpitsara : 07 toriana - 02 mpitory. Nanitrikitrika ny mpitory fa namoaka vaovao tsy marina sy nanalabaraka ary nanompa variraraka azy ireo izahay. Izahay kosa anefa nandà hatramin'ny farany izany fiampangana izany ary miandry am-pitoniana ny didy amin'ny 19 jolay. "
Nisolovava ireo mpanolotsaina notoriana tamin' ireo raharaha ireo, Me Eloi Ratefimahefamijoro.


*Ireo mpanolotsaina sy ny mpanotrona azy, teny amin'ny fitsarana Anosy.*

***Isambilo***

Teratany Malagasy manana zom-pirenena hafa

# Tsy azo ialana ny fikaonandoham-pirenena ho fampandrosoana

Tao aorian'ireo fangatahana maro natao teo anivon'ny Antenimierampirenena Frantsay, sy tamin' ny Filoha Emmanuel Macron amin'ny maha-filohan'ny Vondrona Eropeanina azy, dia nihaona nanao dinik'asa niaraka tamin'ireo mpiandraikitra ambony eo anivon'ny departemanta : Directorate - General for International Partnerships sy ny European External Action Service, ny fikambanan'ireo Malagasy manana zompirenena hafa. Noresahina tamin'izany ny tohin' ilay fandalovan'ny iraka manokan'ny Vondrona Eoropeanina farany teo ary indrindra ny fikaonandoham-pirenena, izay tsy maintsy hatao, hahatongavana amin'ny demokrasia tena izy sy fampandrosoana ny firenena.
Marihina fa tafiditra ao anatin'ny ezaka efa natao tamin'ny taona lasa 2021 izany, ary fitohizan'ny amin'ireo fihaonana ataon' ny Collectif eo anivony ONU, na Firenena Mikambana sy ny Kongresy any Etazonia.
Fifandrifin-javatra ve, fa amin'izao fotoana izao koa dia tonga ny masoivoho Amerikanina vaovao eto Madagasikara Claire Annette Pierangelo, rehefa tsy nisy nandritra ny taona maro.
Araka ny vaovao voaray dia mahenika ny firenena maro ankoatran'ny any Eoropa, Amerika avaratra, Azia ity fikambanana teratany Malagasy manana Zom-pirenena hafa ity. Fikambanana misahana ny fanabeazana ho olompirenena vanona, sy fikaonandoha ho amin'ny fampanjakana ny demokrasia sy ny tany tan-dalàna.


*Ireo teratany Malagasy mizaka zom-pirenena hafa tany Bruxelles Belgique.*

***Isambilo***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

Raharaham-pirenena

# Mpitondra manan-kambo no ilaina fa tsy matin-kambo

Mailaka ery ny Filoha Rajoelina ankehitriny mitanisa ny hoe: ''fitiavantanindrazana sy ny hambompompirenena'', kanefa dia ny mifanohitra amin'ireo voalaza ireo ny ataony , na tamin'ny fitondrana tetezamita na izao izy efa mpitondra '' voafidy'' izao.

**Ny fitiavan-tanindrazana**

Ny tanindrazana raha tsorina sy atao mahitsy ny filaza azy dia i Madagasikara no tanindrazana, ary isika vahoaka malagasy no tompon'io tanindrazana iombonana io, fa ny fitiavana azy indray dia tsy tokony ho sarotra ny famaritana azy , dia ny fanajariana azy hamokatra sy hitondra soa ho an' ireo vahoaka tompony. Ny mpitondra dia manana andraikitra amin'ny fampandrosoana ilay tanindrazana, sy fikarakarana ireo vahoaka tompon-tanindrazana.
Ho an'ny Tafika dia ''Ho an'ny Tanindrazana'' ny teny filamatra, ''Tanindrazana sy Lalàna'', ny an'ny Zandarimariam-pirenena ary ''Tanindrazana sy Filamimana'' ny an'ny Polisimpirenena, ny mampalahelo anefa nanomboka tamin'ny taona 2009 dia ireo mpanao fanamiana ireo, no nirotsaka nanampy an'Ingahy Filoha ankehitriny tamin'ny fakana fahefana tsy ara-dalàna ary ankehitriny dia mbola ireo mpitondra mampijaly vahoaka ireo, no lasa tanindrazana tompoin'ireo mpanao fanamiana sasany, ny vahoaka efa mijaly tsy manan-katokona mbola tsy voaaron'ireo mpitam-piadiana ny ainy sy ny fananany, fa ny sezan'ireo mpitondra no tsy maintsy atao laharampahamehana ny fiarovana azy, ireo mpitondra arovana fatratra indray, sady efa tsy mitsinjo ny tombontsoan'ireo vahoaka rahateo, no mbola mamoritra sy manao ramatahora amin'ireo izay sahy maneho hevitra.
Mazava izany fa mifanindran-dalana amin'ny famoretana vahoaka, ireo mpitondra sivily sy mpanao fanamiana, izay azo hambara avy hatrany fa fihetsika mifanohitra amin'ny fitiavan-tanindrazana izany.

**Ny hambompom-pirenena**

Misy ny toetra roa mifanohitra hamaritana ny fihetsehampo amin'ny hambo , dia ny manan-kambo sy ny matin-kambo.
Manan-kambo no ilazana ireo sokajin'olona sahy mijoro amin'ny hevitra marina arovany, na koa mahavita mampiasa sy sainy sy ny herimpony handreseny ny sarotra, tsy azon'iza n'iza ahodina amin'ny rariny itompoiny ny olona manan-kambo, fa sahy miatrika hatramin'ny farany an'ireo mpandroba firenena ary vonona hijoro hatrany hiaro ny tombontsoam-bahoaka.
Fa ny matin-kambo kosa dia olona dedaka , tia misehoseho kanefa dia manao fihetsika mambotry firenena, mampanantena ho mahavita izatsy sy izaroa kanefa dia vokatra poak'aty, aotra tanteraka e! sady tsy mety miaiky ny tsy fahombiazany, fa manilika hatrany ny tsy mety ataony amin'ny hafa na ireo nitondra teo alohany.
Feno 62 taona ny niverenan'ny fahaleovantena ary mitovy amin'izany koa ny nijoroan'ny Foloalindahy, kanefa indrisy fa vao mainka miha-milentika ny firenentsika taorian'ny taona 2009, satria ireo mpitondra nifandimby taorian'ny nialan'ny Filoha Ravalomanana dia faly fotsiny manao tsianjery maimbo ny hoe: '' fitiavan-tanindrazana sy hambompom-pirenena '', kanefa dia sady mandroba ilay tanindrazana , manao tsinontsinona ireo vahoaka tompon-tanindrazana ary indrindra dia tsy manana ny hambo iarovana sy hampandrosoana ilay firenena, fa dia izy ireo indray, no manao tantely afa-drakotra ny harempirenena tokony hositrahan'ny vahoaka malagasy rehetra, ny tena loza dia mbola matin-kambo hatrany milaza fa mety hono ny ataony.
Ny vahoaka tsy bado akory fa mahalala ny ataony , satria fantatr'ireo vahoaka tsy miteny ireo, fa misy ny ''Manan-kambo ''azo antenaina hanavotra indray ny firenena ary misy dia misy tokoa ny ''matin-kambo'' tsy manantsaina, afa tsy ny tombontsoan' izy mianakavy, ireny sokajin'olona ireny arak'izany, dia tsy maintsy ho fatin'ny hambony diso toerana.

***Ny Valosoa***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Mangatsiaka ny andro fa…

# Miha-mafana ny toe-draharaha politika eto amin'ny firenena

Miverina amin'ny andavanandrony indray ny mponina eto amin'ny Firenena taorian'ny fankalazana ny fetim-pirenena. Raha ny eto andrenivohitra no jerena dia tsapa fa ny harivan'ny andro manaraka ny fety ihany dia nangina ny tanàna raha vao harivariva fotsiny. Tsy fantatra intsony na tahotry ny tsy fandriampahalemana na maika namonjy fodiana ny mponina, satria reraky ny fety, ka ilaina ny fialan-tsasatra. Mety ho lany vola ihany koa ka tsy nisy nentina nandoavana saran-dàlan'ny fitaterana dia nody aloha avy any amin'ny toeram-piasana. Ny mpivarotra teny an-tsisin-dàlana dia vitsivitsy sisa no hita mbola namelatra ny entam-barotra nanantena mpividy sitrany bebe ny vola miditra satria vitsy ny mpifaninana. Eo amin'ny sehatra fitantanana ny Firenena dia niverina nivory ny Antenimiera roa tonta, ka ny teny amin'ny Antemierampirenena dia nisafotofoto ny fandaharam-potoana. Tsy resahina ny nandaniana ny Làlan'ny Tetibola nasian-panitsiana (LFR) satria araka ny nahazatra dia toy ny fanaon'izao fitondraana izao ny fomba nandaniana azy, lany tsy dia nisy ady hevitra loatra. Ny fihaonana tamin'ny fahefana mpanatanteraka kosa dia nafindra teny amin'ny CCI Ivato indray izany, fa tsy teny amin'ny Lapa eny Tsimbazaza. Ny antony moa dia tsy nazava tamin'ny depiote sasany, na noho ny tahotra ny valanaretina covid-19 izay nirongatra indray tatoato, na ny mpanatanteraka mihitsy no mibaiko sy manam-pahefana ambony kokoa noho ny mpanao lalàna. Araka izany dia tsy ara-potoana hatrany ny fanombohan'ny fivoriana izay mampimenomenona ny solombambahoaka matomatotra amin'izany fanajana fotoana izany. Eo amin'ity fihaonana ity ihany dia nanao tatitry ny zavabitan'ny governemanta ny Praiminisitra. Tsy dia mazava loatra ny momba ilay vola hanamboarana ny làlam-pirenena faha-13 Ihosy-Ambovombe, izay nolazain'ny minisitry ny Asavaventy fa avy amin'ny "Ressource Propre Interne" (RPI) no hanaovana azy. Tsy voasoratra ao anaty Tetibolam-panjakana anefa izany amin'ity taona ity. Mitohy koa ny fifampiraharahana amin'ireo mpamatsy solika eto an-toerana momba ny fampiakarana ny vidiny ary tsy vitan'ny eto an-toerana ihany ny fampiraharaharana fa miitatra hatrany amin'ny any ivelany. Eo amin'ity sehatra ity ihany dia miziriziry ny mpitatitra fa tsy maintsy hampiakatra ny saran-dàlana ho arivo ariary raha vao miakatra ny vidin'ny solika. Zato isan-jato ny fisondrotry ny saran-dàlana, ka tsy misy dikany izany ny fisondrotan'ny karama 5-13-25 isanjato satria tsy maintsy hisondrotra ihany koa ny vidin'ny kojakoja ilain'ny mponina andavanandro (PPN), izay efa mampifarirotra ny vahoaka. Hiampy dimy hetsy indray ireo mponina iray tapitrisa mahantra any Atsimo amin' izao fotoana izao. Tsy hijanona eo ny toe-javatra satria mampiasa "générateurs" ny Jirama eo amin'ny famokarana angôvo, ka tsy misy afaka handà fa tsy hisondrotra ihany koa ny jiro sy ny rano afaka fotoana fohy. Na tsy mbola tonga amin'izany aza dia miverina sahady ny delestazy ary nisy Faritra na Distrika aza tsy mba namirapiratra ny fankalazana ny fetin'ny fahaleovantena. Etsy ankilany dia mitohy ny fanondranana an-tsokosoko ny harempirenena, ka tratra teny Ivato indray ny teratany vahiny saika hamoaka volamena sy safira kanefa ireo tratra teo aloha tsy mbola fantatra ny rangory fototry ny afo satria mbola mitohy hono ny fanadihadiana ataon'ny tomponandraikitra. Tsy latsak'izany ny "magie" nitranga tao amin'ny "direction générale"-ny minisiteran'ny Harena an-kibon'ny tany, ka ny volamena 36 kilao tao anaty "coffre fort" nivadika ho vy isan-karazany 24 kilao. Ny mahavariana anefa dia ireo lazaina fa trondro madinika ihany no voarohirohy sy miditra am-ponja fa ny trondro vaventy dia miriaria sy migalabona amin'ny halatra nataony. Mangatsiaka tsy misy toy izany ny andro amin'izao fotoana izao ary haharitra roa volana eo ho eo izany, araka ny vinavinan'ny sampana mpamantatra ny toetrandro, kanefa dia azo antoka fa miha-mafana kosa ny toe-draharaha ara-politika eto amin'ny firenena.

***Andry Tsiavalona***

**Faha-20 taonan'ny antoko TIM**

# Fotoan-dehibe mandritra ny 3 andro etsy Behoririka

Na nisy aza ny sedra sy ny fanapotehina ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM), dia mijoro hatrany ary mbola antoko miaina sy lehibe eto amin'ny firenena ity antoko ity. Izany hoe na nolotoina aza dia vao mainka mamiratra . Feno 20 ny antoko Tiako i Madagasikara ankehitriny , ka misy ny hetsika hanamarihana izany araka ny tafa nataon'ny birao politika nasiônalin'ny antoko TIM, notarihin'ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro sy ireo komity mpanomana tao amin'ny foiben-toeran'ny antoko TIM tao Bel'Air Ampandrana . Nambara tamin'izany fa hisokatra anio alakamisy hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro ny fampirantiana ireo tantara niainan'ny antoko nandritra ny 20 taona, hitohy rahampitso zoma tontolo andro ao amin'ny Magro Behoririka: kianjan'ny Finoana izany . Ny sabotsy 2 jolay kosa hanomboka amin'ny 9 ora dia fihaonambe ho an'ny rehetra ao ihany, izay hanasana ny mpikatroka rehetra . Ao anatin'izany dia hisy ny fotoambavaka sy kabary maro samihafa . Marihina fa fanombohana ny fankalazana ny faha-20 taona io, fa mbola eo ny ivony sy ny famaranana. Ny any amin'ny faritra sy distrika sy ny faritany dia hisy fanamarihana ny fankalazana ny faha-20 TAONA, ka ny any an-toerana no mikarakara izany. Na izany na tsy izany, ho maro koa ireo avy any amin'ny faritra hanatrika ny fanokafana izao faha-20 taonan'ny antoko TIM izao.

***Helisoa***



*Ny birao politikan'ny TIM sy ireo komity mpikarakara ny faha- 20 taona, nitafa tamin'ny mpanao gazety omaly.*


Alliance Diaspora Malagasy (ADM)

# Tena misafotofoto ny raharaham-pirenena, sahirana ny vahoaka

***Tafaresaka tamin'i Amirale Van Alexandre, tanora Malagasy ao anatin'ny diaspora any ivelany, filohan'ny ADM : Alliance Diaspora Malagasy, ny gazety Ny Valosoa Vaovao. Dinidinika :***

**-Gazety Ny Valosoa Vaovao (GNVV) : nankalaza ny fetim-pirenena isika tamin'ny herinandro lasa teo iny, tena mahaleotena marina ve i Madagasikara ?**

**-Amirale Van Alexandre (AVA) :** ny zavatra misy amin'izao fotoana, mampalahelo ny Malagasy, satria nahita ny masoko tamin'ny fandalovako tamin'ity volana ity teto Madagasikara. Fetin'ny fahaleovantena, nefa miaina amin'ny fahasahiranana ny Malagasy, ny hetsika samy hafa dia nentin'ny mpitondra hamitahana ny vahoaka. Ny fahitana ireny hetsika ireny dia manana vola ny fitondrana, tsy nataony itsinjovana ny vahoaka anefa izany fa lany tamin'ny rendrarendra fotsiny, ny aty vilanin'ny ankamaroan'ny vahoaka Malagasy anefa amin'izao fotoana dia zara fa mihinana izy ireo. Ka amiko mbola tsy ao ilay fahaleovantena raha tsy omena ny zavatra sahaza azy sy tena ilainy ny vahoaka.



*Amirale Van Alexandre, filohan'ny Alliance Diaspora Malagasy (ADM).*

**-GNVV : ka inona no soso-kevitry ny ADM ny amin'izay fahasahiranam-bahoaka izay ?**

**-AVA:** be ny soso-kevitra fa asakasak'izay hihaino, asakasak'izay tsy hihaino ihany koa. Raha aminay dia ny sôsialim-bahoaka ihany no laharam-pahamehana. Fijerena ny ho avin'ny taranaka: ny zaza, ny tanora; fijerena ny tsy an'asa, satria tena misafotofoto ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana.

**-GNVV: hiatrika fifidianana ny Malagasy atsy ho atsy, ny fahitan'ny Alliance Diaspora Malagasy an'izay?**

**-AVA:** ny zavatra tena angatahana dia aleo hadio ny fifidianana. Mandeha tsara ny zavatra atao rehefa madio. Sarotra sy tsy mety ary tsy azo ekena ny fifidianana amin'ny kiantranoantrano, sy maizimaizina. Tsy misy fifidianana ho vita amin'ny zavatra misafotofoto sy maizimaizina izany.

**-GNVV: hanohana olona ve ny ADM amin'ny fifidianana filohampirenena ho avy eto Madagasikara?**

**-AVA:** ho avy ny fotoana hitenenana ny momba an'izay, raha ny ankehitriny aloha, mbola tsy misy azo hambara ny mahakasika izany.

***Isambilo***

## Tononkalo

### Ny mpitondra sy ny tsapatsapa

Mitohy hatrany ny andranandrana ary koa ny tsapatsapa.
Tena izany ilay aretina efa mihanaka ao an-dapa.
Ny mpitondra: toy ny zaza mianatra manipy fintana.
Ampangain`ireo ataony, dia lalao sy tsapa vintana !

Izany sisa no hitaizàny sy hitaomany vahoaka,
Ka ny saron`ny vilany no efa andrasana hipoaka.
Olo-maro no efa kivy , noana , maina , tena reraka,
Noho ny vina nolazaina nefa tsisy iray tanteraka !

Ny rehetra izay aseho dia andranandrana avokoa,
Ary dia ny "mahafinaritra" no mialoha ny "mahasoa".
Ny hoe hiseho aloha no maika , ny hisongadina , ho tazana,
Hany ka ny atao rehetra , tsy mitera-pahombiazana !

Dia mitohy ny hagegena , mifangaro tsapatsapa.
Tsy dia zatra ny mazava ka mandeha miraparapa.
Ny asa maizina hatrany , izay no manavanana azy,
K`aza gaga raha mitohy , tsy foana ny delestazy !

…Velirano tsy tanteraka , ahiana hivadika ho ozona.
`Ndeha tazano iretsy sezany f`efa tena mihozongozona.
Tena "lamasinim- poza" faly ny mirehareha,
Ka tapitra mimenomenona fa tofoka azy ny mpandeha !

***DADAN`i ZINA (28-06-22)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny birao politika nasiônalin'ny antoko TIM nitafa tamin'ny mpanao gazety tetsy Bel'Air, nampahafantatra ny fankalazana ny faha-20 taonan'ny antoko hatao amin'izao faran'ny herinandro izao.**






**Notorian'ny Vazahabe sy ny CUA teny amin'ny fitsarana indray i Clemence sy i Lily ary ireo mpanolotsainan'ny tanàna TIM.**




**Ny solontenan'ireo teratany Malagasy mizaka zom-pirenena hafa, tany Bruxelles Belgique.**




## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Ny diakona koa toy izany ihany, ho maotina tsy miroa teny, tsy tia divay be, tsy tia harena maloto."*
***I Timoty 3:8***

### 1 /4-DALAN'NY TELMA COUPE DE MADAGASCAR 2022

# Tafavoaka ny As Fanalamanga sy Fosa Juniors; Elgeco Plus sy Disciples Fc



Baolina kitra, Telma Coupe de Madagasikara.

Tafavoaka teo amin'ny lalao ¼-dalan'ny fifaninana baolina kitra "Telma Coupe de Madagascar 2022", ny ekipan'ny As Fanalamanga Alaotra Mangoro sy ny Fosa Juniors Boeny ary ny Disciples Fc Vakinankaratra sy ny Elgeco Plus Analamanga, taorian'ireo lalao notontosaina tetsy amin'ny kianja "Elgeco Plus Stadium By-Pass", tamin'ny alakamisy 24 sy tamin'ny zoma 25 jona 2022 lasa teo.

Nisongadina anefa ny nanamontsanan'ny Elgeco Plus 6-1 ny ekipan'ny Jfc Toliara Atsimo ary koa ny nandavoan'ny ekipan'ny Diciples Fc ny As St tamin'ny isa 4-1.

**Ireo voka-dalao azo tamin'izany :**

As Fanalamanga 1 – 0 Eden Sport,
Fosa Juniors 2 – 1 Ajesaia,
Disciples Fc 4 – 1 As St,
Elgeco Plus 6 – 1 Jfc Toliara.

***Rainilita***

### Hand-Ball C.C. C.O.I 2021

# Lavon'i St-pierre Hbc 41-30 ny Asco Toliara




CCCOI 2021 any La Réunion.

Lavon'ny ekipan'i St-pierre Hbc La Réunion tompondaka farany sokajy lehilahy, tamin'ny isa 41-30 ny Asco Toliara Madagasikara, teo amin'ny andro voalohan'ny fifaninanana hand-ball fiadiana ny amboara C.C.C.O.I 2021, tontosaina any La Réunion tamin'ny alahady 26 jona 2022 lasa teo.

Ny ekipan'ny Tamponnaise Hbf La Réunion tompondaka farany, sokajy vehivavy kosa dia nandresy tamin'ny moka fohy 23-22 ny ekipan'ny Asc Tsingoni.

Marihana fa nanomboka tamin'ny alahady 26 jona 2022 teo, tamin'ny alalan'ny lanonam-panokafana ôfisialy natao tao amin'ny kianja mitafo "Gymnase de Plateau Caillou" atsy La Réunion ity fifaninanana Hand- ball CCOI 2021 ity, ka hifanandrinan'ny ekipa lehilahy miisa 9 sy ekipa vehivavy miisa 7 avy ao Djibouti, La Réunion, Maurice, Comores, Madagascar, Mayotte, Seychelles ary Rodrigues.

Hifanindran-dalana ao amin'ity toerana ity sy ao amin'ny kianja mitafo "Gymnase de Saint-Paul IV", ny fanatanterahana an'ireo lalao fifanintsanana rehetra.

Any amin'ny kianja " Complexe Sportif Municiapal Cotur Port » kosa no hanatanterahana ny lalao 1/2-dalana amin'ny sabotsy 2 jolay 2022 ho avy izao.

Tsiahivina ireo vondrona mandrafitra ny sokajy lahy sy vavy voasarika tamin' ny antsapaka natao tamin'ny zoma 25 jona 2022 lasa teo :

Sokajy vehivavy
Vondrona A : My Sah Hbc, Kazampassani, Tamponnaise Hbf, Asc Tsingoni.
Vondrona B : Thbc, Rafale, Hbf St-Denis.
Sokajy lehilahy
Vondrona A : Uhuru Club, Ch Combani, Hshb Tamponnais, Grand La Fourche Corail Rangers.
Vondrona B : Kazampassani, Asc Tsingoni, St-Pierre Hbc, Asco Tulear, Res.Vallejee Lions Sports Clubs.

***Rainilita***

### Can Beach Soccer Mozambique 2022

# I Seychelles no hifanandrina amin'i Madagasikara

Vita tamin'ny zoma 24 jona 2022 lasa teo ny antsapaky ny fifanintsanana Beach Soccer, hahazoana miatrika ny CAN BEACH SOCCER, ho tontosaina any Mozambique amin'ity taona 2022 ity.



Beach Soccer Malagasy.

Fanatatra tamin'izany, fa ny Nosy Seychelles, no hifanandrina amin'i Madagasikara amin'ireo lalao mandroso sy miverina, ho tontosaina amin'ny 22-24 jolay 2022, sy amin'ny 5-7 aogositra 2022 ho avy izao .

Ireo ekipa voasarika hifaninana :
-Seychelles # Madagascar,
-Comores # Ouganda,
-Malawi # Tanzanie,
-Libye # Nigeria,
-Côte d'Ivoire # Maroc,
-Cameroun # Sénégal ;
-Ghana # Egypte.

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



**Henomby sy baranjely** indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Atao ketsetsa izany. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Tsara ho an'ny voa sy ny aty ny tsaramaso mena



Tsara ho an'ny voa ny tsaramaso mena, manampy azy amin'ny asany. Misy Arginine izay manala ny ammoniac amin'ny fivalanan-drano. Manadio ny voa sy ny aty ihany koa ny tsaramaso mena. Noho izany, tsara ny mihinana azy matetika.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'i Manakambahiny Est distrikan'Ambatondrazaka faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'i Manakambahiny Est, distrikan'Ambatondrazaka, faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Manakambahiny Est ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 20 mandrafitra ny distrikan'Ambatondrazaka. Avo toerana izy satria 1106 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Any afovoany atsinanan'ny faritra Alaotra Mangoro no misy an'i Manakambahiny Atsinanana. Vokatra any ny vary, ny anana isan-karazany. Ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka.



FITARAINANA

# Tandindonin-doza ny ao amin'ny ministeran'ny fahasalamana

Mpiasan'ny fahasalamana maromaro no nanao fitarainana tamin'ny gazety, mahakasika olana ao amin'ny ministeran'ny fahasalamam-bahoaka eto amintsika:

"Ny firenena iray manontolo ve no tandindonin-doza, sa ny ministeran'ny fahasalamam-bahoaka ihany ? Ny fijerinay azy, tantely afa-drakotra i Madagasiakara satria samy manao izay danin'ny kibony ny tompon'andraikitra. Vongam-bolamena niova tao amin'ny ministeran'ny harena ankibon' ny tany. Ny zava-misy ato amin'ny ministeran'ny fahasalamana no tiako lazaina. Caravane no ifantohan'ny ministera, mba tsy hitenena hoe werawera. Ankoatr'izay miverina any amin'ny zava-misy tamin'ny taona 1990 isika.

-CHU Befelatanana Unité Scanner: facilité de payement no fifanarahana natao teo amin'ny tompon'andraikitra, sy ny fournisseur tamin'ny fahazoana ny appareil scanner tao Befelatanana. Ankehitriny mirona any amin' ny fanomezana olon-tsotra ny fitantanana ny ministera. Inona no antony tsy fahaiza-mitantana ve sa fanaovana tantely afadrakotra?

-Fanendrena tompon'andraikitra isan'ambaratonga: tonga amin'ny fotoana ilana azy ny fitenenan'Andriamatoa Paolo President ny Syndicat des Administrateurs Civils sahy niteny hoe: omeo ny teknisiana ny andraikitra. Eto Madagasikara voahaja ny hoe Administrateur Civil no Chef de District, ato amin' ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka tsy narahina ny hoe specialiste en santé publique ny DRS na Medecin Inspecteur. Vokatr'izay variana amin'ny COVID sy caravane ny Ministera. Caravane izay olom-bitsy no misitraka. Nahazo camion voatokana hanaovana totolotra manakaiky vahoaka ny faritra tsirairay avy, fa tsy nampiasaina mihintsy izany. Mifangaro ny andraikitra satria lasa structure operationnelle ny ministere izay structure strategique na planification.

-Fanomeazana fitaovana (fandriana sy kidoro): nahitana marika CTC ny fandriana nozaraina tany amin'ny CSB. Novidian'ny Ministeran'ny fahasalamam-bahoaka ve sa ilay nampiasaina tany amin'ny CTC?

-Fandaniana volavolandalàna mahakasika ny fanenjahana ny ben'ny Tanàna: fifandrifiana ve sa iniana nolaniana, mba hisian'ny tsy maty manota? Nafindra tany amin' ny kaominina ny fitantanana ny volan'ny CSB nanomboka ny taona 2020. 2 000 000 Ar eo ho eo ny an'ny CSB2 ary 1 600 000 Ar eo ho eo ny an'ny CSB1. Mitaraina ireo mpiasan'ny fahasalamana eny ifotony fa manao izay tiany atao ny ben'ny Tanàna ny mahakasika ny fandaniana io vola io.

-Famindrana toerana ny mpiasa tsy ara-drariny: niezaka ny Minisitra Zely hamindra ireo mpiasa, izay nolazain'ny tompon' andraikitra (Médecin Inspecteur na Directeur Regional), izay tsy voaporofo akory, technicien de laboratoire nalefa hampihodina ny appareil fitiliana ny COVID tany DIEGO, no namoaka tamin'ny tambazotra sosialy ny zava-misy niainany tany dia nafindra any ambanivohitra faritra Melaky. Ny tsara ihany ve no tokony havoaka? Fahotana ve ny mampiseho ny marina? Tsy io ihany fa betsaka tsy ho voatanisa ny tsindry hazo lena mahazo ny mpiasan'ny fahasalamana.

-Fandraisana mpiasampanjakana: tsy tonga any amin'ny Distrika ny filazana (avis d'appel d'offre), ankoatr'izay ny fanomezana lanja ny endrika kolikoly tamin'ny fandraisana personnels paramedicaux farany teo. Kisarisary ny liste nalaina tany amin'ny SDSP na DRSP sy ny hopitaly, satria tsy manome ny ancieneté de benevolat izany. Manginy fotsiny ny filazana fa tsy assidu na incompetent nolazain'ny Medecin Inspecteur na DRS. Contrat no iasan'ny benevole ary ny mahagaga ny tsy hanapahan'ny Medecin Inspecteur na DRS ny contrat, rehefa nahatsapa ny fisian'ny non assidu na incompetent, nefa hatramin'izao mbola miasa foana."



*Ny ministeran'ny fahasalamana etsy Ambohidahy.*

***Nangonin'i Stefa***

25 Light live parking

## Fararanon-danonana teny amin' ny CCI Ivato ny 25 jona teo

Azo ambara ho lanonana marolafy nanana endrika feno no niaraha-nigoka sy nanjifa nanomboka, ny misandratr'andron'ny (10 ora maraina) 25 jona, tetsy amin'ny CCI Ivato. Tao anatin'ny hetsika goavana « 25 Light live parking »

Ankoatry ny rindran-kira niarahana tamin' ireo mpanakanto fanta-daza nahitana an'i Wadda & Yoongs ary i Mad Max teny an-toerana. Nisy ihany koa ny fifaninanana dihy ho an'ny sokajin-taona rehetra sy fanaovana dihy miaraka sady mirindra « Flash mob ». Nanafana sy nanentana i Didi man ary niara-dalana tamin'izany ihany koa ny fikosehana kapila nifandrimbonan'ny Dj Danny sy Dj Midjay. Nampiavaka ny lanonana ny fandefasana afomanga ary ny fampiasana ireo jiro sy hazavana ary fanamafisam-peo hiaka faran'ny teknolojia, nandrakofana sy nandravahana ny alin'ny 25 Jona teny amin'ny CCI Ivato, ho fahafinaretan'ny maso sy ny sofina. Nisy ny sakafo sy zavapisotro sahaza ny rehetra teny an-toerana. Ny hanolotra lanonana feno ho an'ny sokajin-taona rehetra anatin'ny toerana iray. Io rahateo no tanjona ho an'ny « Agrim event » mpiketrika ny « 25 Light live parking ». Hentitra ny fitandroana ny filaminana teny an-toerana. Tsy diso anjara ihany koa ireo ho tsara vintana tanatin'ny lalao fisarihana « Tombola », izay nahazoana lelavola anaty valopy tsy ampoizina.

***Lalasoa Razafindrakoto***

Fitsarana miaramila

## Hanomboka ny 4 jolay ka hatramin'ny 31 oktobra

Hanomboka ny 4 Jolay izao, ka hatramin'ny 31 Oktobra 2022, no tetiandro hanatanterahina ny fitsarana miaramila manerana an'i Madagasikara. Hisantatra izany ny eto Antananarivo renivohitra, izay hanomboka ny alatsinainy 4 jolay izao, ka haharitra iray volana ary hatao eny amin'ny Kianjan'i Betongolo.

Ny tsara ho fantatra amin'izany:

-Ny Tanora lahy sy vavy, 19 hatramin'ny 31 taona no miatrika izany.

-Ny karapanondrom-pirenena ihany no entina.

-Anjaran'ny tsirairay no mitahiry ny karatra maitsony mba tsy ho very, satria tsy misy "duplicata" azo omena.

***Stefa***

Depioten'i Belo Tsiribihina

## Atakalony ny tombontsoany irery ny tombontsoambahoaka

Nandritry ny fihaonan'ny solombavambahoaka sy ny mpikambana ny Governementa ny talata lasa teo, nivoitra nandritra ny fandraisan'ny solombavambahoaka voafidy tao amin'ny distrikan'i Belo ambonin'i Tsiribihina ny tsy fanekeny ny fanamboaran'ny olona tsara sitra-po sy ny governoran'ny faritra Menabe ny lalana, izay mampitohy ny distrikan'i Morondava sy Belo ambonin'i Tsiribihina ity. Raha tsiahivina dia misy mpandraharaha iray izay mpanangom-bokatra amin'iny faritra iny nanolotena iandraikitra ny fanamboarana iny lalana iny, ka nanao antso tamin' ireo mpandraharaha sy tompon'andraikitra isankarazany ary koa ireo olon-tsotra tsara sitra-po. Isan'ny nantsoina ny solombavambahoaka roa izay voafidy tao amin'ny distrika roa voakasik'ity lalana ity dia sahy nilaza mihintsy ny avy ao amin'ny distrikan'i Belo Tsiribihina, fa tsy mahavita ary tsy handray anjara na dia ariary akory aza raha nankatoa sy nanome alalana sy fitaovana kosa ny avy ao amin'ny faritra.

Raha ny antony mahatonga ity solombavambahoaka ity hanakana izao asa izao moa dia satria efa ity solombavambahoaka ity no nahazo tsena hanamboatra iny lalana iny. Noho ny tombontsoany manokana ihany koa satria izy dia mpandraharaha ka raha tsara ny lalana dia maro ny mpandraharaha hisehatra any amin'iny faritra iny, ka manelingelina azy eo koa ny antony politika, satria efa tsy manam-pinoana ny ho lany intsony ingahy depiote amin'ny fifidianana manaraka, hany ka izay olona miezaka manasoa sy mandamina ny fiaraha-monina ao amin' ny distrikan'i Belo Tsiribihina, ka mahatonga azy manenjika sy manakantsakana izay olona hatahorany hilatsaka hofidiana ao amin'iny faritra iny. Tsara ho marihina anefa fa tsy manana firehana polotika mihitsy io mpandraharaha izay mitarika ny fanamboaran-dalana io, fa mitondra ny tamberin'andraikitra sy miezaka mikolo izany lalana izany, mba tsy ho sahirana izy sy ny mponina mampiasa ny lalana.

Ny governoran'ny faitra Menabe dia milaza mazava fa na iza faly na iza tsy faly, tsy maintsy mandeha ny fikojakojana ny lalana ialana amin'ny fahasahiranan'ny vahoaka ary tsara ho marihina fa tsy fanamboarana no misy hoy izy fa fikojakojana.

***Rajepa***

Tranga mampalahelo sy mahamenatra

## Dadatoa tsy vanona nanolana ny zana-drahalahiny 7 taona

Tranga mampalahelo sy mahamenatra no nitranga tany Ambohitompoina distrikan'Antanifotsy faritra Vakinankaratra. Dadatoa tsy vanona no tratra nanolana ny zana-drahalahiny vao 7 taona monja. Ny rahalahin-drainy ihany no nahavita nanolana zaza 7 taona, tao amin'ny tanàna iray ao anatin'ny Kaominina Ambohitompoina distrika Antanifotsy no nitranga izany ny talata teo. Nitory ny ray amandrenin'ity zaza ity vao nahafantatra ny zavanisy. Ny fizahan'ny dokotera no nahalalana, fa efa simba tanteraka ilay zaza ary tsy indray mandeha fotsiny ihany no naolan'ny dadatoany. Nokarohina ary nosamborin'ny Zandarimaria ity voatondro ho nahavanon-doza. Tsy maintsy atao fanadihadiana ary atolotra fitsarana mba hizakany ny sazy mendrika azy.

***Niaina***

Delestazy

## Tezitra amin'ny Jirama koa ny mpanakanto Mr Sayda

Noho ny delestazin'ny Jirama miverina indray tao aorian'ny fety, tezitra amin'ity orinasanjiro sy rano ny mpanakanto Mr Sayda, satria nihàran'ny fahatapahan-jiro maharitra izy sy ny ankohonany omaly. Rah any nambaran'I Mr Sayda:"eny tokoa ry Jirama tsy mba niteny aho hatrizay satria tsapako hoe maro ny olana sedrainareo … Anisan'ireo olona misedra délestage fara fahakeliny 30 minitra isanandro aho ato antranoko (Ampefiloha) fa tsy mimenomenona aho satria olombelona sy Malagasy mitovy amin'ny rehetra. Fa anio kosa mba anniversaire ny zanako mba fangatahany hanao fety ato an-trano miaraka amin'ireo zaza mitovy taona aminy. tamin'ny 3 ora ora fanombohany fety ka hatramizao ora hanoratako izao tapaka ny jiro na mba nandihy tsy nataon'ireo ankizy ireo ary naka sary tato anaty maizina izahay. mila mody ireo zaza rehetra nasaina nifety ireo satria tonga ny lera izany no mba souvenir nentin'ny zanako na ny gateau aza tanaty maizina. mankahery sahady ireo marary mila herinanratra, ireo mitady mila herinaratra. fa tadidio ry jirama fa mivelona ambony alahelombahoaka ianareo. olombelona toa an'ny olon-drehetra aho mba malahelo satria andro iray toa zato ho an'ilaymenaky ny aiko anio… 2h30 hatreto ny delestage omenareo anay… tandremo fotsiny ny sarombilany rehefa haneno… fa tsy vahoaka voahozona koa izahay. ambava homana … ampo mieritreritra," hoy ny fanambaran'ity mpanakanto ity.

***Aly***

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**25/06/2022 hatramin'ny 02/07/2022**

- **AMBODIVONA** (Ambodivona) 034 07 228 98
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58/020 22 545 59/034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12
- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 23 610 00/032 12 610 00/033 28 693 88/034 25 610 00
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly
Loterana Ambohibao :
22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel :03 35 47 /
Orange :032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina :
22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 /22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1314-06-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**FITONDRANA RAJOELINA**

# Manara-penitra ny fampijaliana vahoaka ataony

Mety hisondrotra 100% ny saran-dàlana eto an-drenivohitra atsy ho atsy raha ny vaovao efa miparitaka, efa maro ireo maminavina zava-dratsy, ao koa ireo milaza fa rariny raha ny zava-misy eran-tany no jerena miampy ny politika manara-penitra ataon' ny fanjakana. Marina hoy ny rehetra fa hiakatra ny vidin-tsolika izay taratry ny asam-barotra rehetra eto amin'ny firenena, nefa toa hodian-tsy hita izay voka-dratsiny rehefa atao ny asa marika mifandray sy miankina amin' izany. Eo ohatra ny vaovao azo tany Atsimo Atsinanana tany mikasika ny vidin-tsolika ampiasain'ny orinasa Jirama fotsiny ihany no jerena, moa tsy rariny koa ve raha mba hampiakatra ny saran-dalany ireo mpanao asa fitaterana sy kaoperativa any an-toerana, ny mpivarotra samihafa ary indrindra ireo hotely fivantanan'ny vahiny isan-karazany? Ao koa ireo milaza fa raha asondrotra avo roa heny ny saran-dalana eto an-drenivohitra; dia ahoana no tsy hanao ny azy koa ireo mpanao asa fitateram-bahoaka mandeha isam-paritra sy faritany raha vao misy izany. Misy koa anefa ireo miteny fa raha 2000 Ar isan'andro no mety ho zaka sy mifanaraka amin'ny vola takatry ny fianakaviana nefa dia ho lasa 4000 Ar indray, dia mba hanao ahoana ny fivoarana eo amin'ny tsirairay isan-tokony avy? izay inoana fa hitarika ny rehetra hanao asa maizina amin'ny asa ataony indraindray, mitarika azy hitady SITRANY AHAY, na KOLIKOLY MADINIKA, na TSOLOTRA HAFA KELY, mba ho fanampin'ny karama raisina, nefa mety ho sarotra azo ihany raha ny grevy etsy sy eroa mianjady amin' ny mpiasa ara-dalàna no jerena.

### Mpivarotra

Ny mpivarotra enta-madinika sy ny zava-pihinana eny moa dia niteny fa "cercle viscieux " ny zava-misy, raha vao miala eny amin ' ny mpivarotra ambongadiny ny entana miampy io saran-dalana midangana io, dia tsorina fa mba hampiakatra ny vidin'entanay koa izahay, tsy hisy lanjany intsony ny ariary zato, ny roanjato ariary, ka inona no mba hany sisa azo atao sy antenaina ho an'ity fanjakana marefo ity? Mifandray avokoa ny zava-drehetra, ireo tsy ampy vola voatery manao kolikoly, ireo tsy mahita asa atao na sahaza dia lasa hifampiana-dratsy miaraka amin'ireo namana, ka lasa manao zavatra mamoafady, hala-jaza, vaky fasana, fanolanana, zava-mahadomelina, sns... izay hita sy tsapa fa mampihemotra tanteraka ity tanintsika ity mihitsy, ka tsy tanindrazanay malala intsony; fa mety ho tanindrazanay MALAMA mihitsy raha mbola izao fanjakana izao no eo.

### Tombolà

Hita sy tsapa fa ny TOMBOLA sisa no paika nisarihana ny vahoaka ho eny Mahamasina raha ny feo sy ako azo tetsy sy teroa no hambara. Tapakila fitaka ihany hoy ireo mponina any amin'ny faritany sy faritra, ary ireo distrika tsy nahazo ny anjarany, satria aiza izay mba anjara tapakila fandraisana anjara ho anay? hoy ireo antso an-tariby voaray avy any Mahajanga, Antananarivo Atsimondrano, Antsirabe, Moramanga, sy ny hafa…Momba ireo afomanga, tokony mba nisy loka kely ihany koa nanaovana fisarihana ho an'ireny tanàna ireny, fa tsy izay tonga ao Mahamasina ihany no atao hoe: Vahoaka malagasy mankalaza ny fetim-pirenena! Ny manaraka koa dia efa mihena mihitsy ireo ankizy sy tanora mitondra arendrina tao anatin'izay fotoam-pankalazana izay satria ao ny tahotra fakana an-keriny, fanolanana, ary fandrobana isan-karazany, misy koa ireo tsy manam-bola ividianana arendrina vita sinoa satria ny vita eto antoerana toa tsy mamparisika ny sasany, raha ny hafatra voaray sy ny hita teny rehetra teny no hambara. Aleo ny vola mba hividianana sakafo kely mba ho fanamarihana satria koa vao lasa io daty malaza io dia efa fahasahiranana, delestazy, saran-dalana hisondrotra no efa miandry aoriana kely ao. Raha fintinina dia nisy, ilay TOMBOLA no nanintona azy tamin'iny fotoam-pankalazana iny, fa ny matso sy ny podium dia efa nahazatra ihany, saingy tsy nisy "MIG " intsony koa aza teny ambony teny, angidim-by roa sisa, ny sezamboninahitra banga, ary efa maro ireo olo-manan-kaja no tsy nahazo ny anjara toerany intsony. Aiza hoy ireo be antitra ny mba solombodiakoho kelinay raha 62 taona marina ny firenena, sa izao fampijaliana vahoaka ataon'ny fitondrana Rajoelina izao no tena manara-penitra?

**Beharo**

Faritra Menabe

# Niakatra tao Morondava ny valala

Nandrakotra ny renivohitry ny faritra Menabe ny andiam-balala ny talata 28 jona, izay naharitra ora 3 mahery izany, nahitana izany koa tao amin'ny kaominina ambanivohitr'i Tsimafana ao amin'ny distrikan'i Belo ambonin'i Tsiribihina. Raha ny fanazavana avy amin'ny tompon'andraikitry ny fambolena sy ny fiompiana ao Menabe dia andiam-balala tokony ho rarafana fanafody tao Kabatomena izy ireo, saingy noho ny fitsokan'ny rivotra dia nahazo tanàna izy ireo. Efa mahafantatra ny fisian'izany ny tompon'andraikitra, saingy tsy afaka vonoina eo an-tanàna noho ny fitandroana ny fahasalaman'ny tsirairay. Raha jerena anefa dia efa nanomboka ny fiandohan'ny volana febroary 2022, no nahitana ny valala tato amin'ny faritra Menabe, tao amin'ny kaominina Ankilizato ary nikisaka nianatsimo nihazo an'i Mandabe sy ny distrikan'i Manja iray manontolo ary noho ny toetr'andro dia noentin'ny rivotra niverina indray ary lasa nahenika ny faritra Menabe iray manontolo, ka izao miakatra an-tanàna izao ary efa misy andiam-balala vao foy koa moa izao ao atsinanan'i Miandrivazo ary mizotra miankandrefana mihazo an'i Miandrivazo izy izao, ka ahiana koa ny hisian'ny voka-dratsy aterak'izany .

Hatreto anefa dia toa tsy hita mihintsy ny tena fandraisan'andraikitry ny tompon'andraiktra, fa toa miandry ny valala efa mirongatra sy manimba zavatra vao miezaka mamono ireo valala, ka tsy manana politika, mba hisorohana sy hialana ny andiambalala mihintsy ny tompon'andraikitra, fa miandry valala misy ho vonoina vao miasa eny fa na dia ny fanafody aza dia maheno trangana andiam-balala vao manafatra.


Miantso fandraisana andraiktra sy fisorohana ny andiam-balala ireo tantsaha, satria efa vokatra kely tsy ampy rano no mbola potehin'ny valala indray. Amin'izao moa dia efa tonga sy miasa ao Menabe ny angidim-by manaradia sy mamono ireo valala.

**Rajepa**

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 398




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0397)


*Mitsivalana*

- Taona – RM
- Atrika
- Nay – RN
- Tongotra
- Avia (miv)
- Sainay
- Iza ? – Mino

*Mitsangana*

- Tantely
- Atao
- Orinasa
- Ny – Gia
- Mivoaka (miv)
- Tany
- RR – AN
- Manadio

## TENY MIFANAPAKA N° 398




**Mitsivalana**

**1.** Mpivarotra **2.** Tsy lafo (miv) – Kianteny – Tsofoka **3.** May azon'afo **4.** Sakafon-jaza (miv) **5.** Fifanarahana – Dada, Aba **6.** Malot (miv) – Tsirin-teny Mpifanao **7.** Anio **8.** Tampisaka (miv) – Poteho amin'ny laona sy fanoto (miv) **9.** Niambina – Solfa (miv) **10.** Anelanelan'ny zato – Rano mandeha

**Mitsangana**

**A.** Mihodin-kodina **B.** Foto-tsakafo (BL) – Fanekena – Ila, iry (miv) **D.** Savoritaka **E.** Tolorana – Lalam-pirenena (miv) **F.** Ohatra (miv) – Fandraisana anjara **G.** Marina – Ranom-bava **H.** Firinga – Simba sy rava (BR) **I.** Kamban-telo – Mpanondro **J.** Ao amin'ny Baiboly – Loko (BL) **K.** Tovona (miv) – Vazana – Fahita lavitra

### Valiny Teny mifanaraka 0397

**Mitsivalana**

**1.** Valy - Sakay **2.** Olombelona **3.** Lahatra - Fo (miv) **4.** Mama (miv) - Saha (miv) **5.** No - Aina - In 6. Or(ana) - Ady **7.** Ody - Niasa **8.** TT - Soa - Nao **9.** Roa - Fa **10.** Akariny - Zo

**Mitsangana**

**A** Volana - Tra **B.** Alamo - Koto (miv) **D.** Loha - Do (miv) - AA **E.** Siramamy (miv) **F.** BT - Osy **G.** Seranana **H.** Alahady - Fy **I.** K.O - Anay (miv) **J.** Anosy - Sa **K.** Fay (miv) - Ntaolo


SAHIA - MIJOROA - MINOA
TIAKO I MADAGASIKARA
20 TAONA
2002-2022
Fankalazana
Ny faha
20 Taona
Fantaro ny tantaran'ny Antoko
sy ny Filoha mpanorina.
ALAKAMISY -ZOMA
30 - 01
JONA - JOLAY
Fampirantiana sary sy ny tantaran'ny Antoko eo amin'ny Kianja MAGRO Behoririka.
SABOTSY
02
JOLAY
Fanokafana ny fankalazana ao amin'ny Kianja MAGRO Behoririka amin'ny 9 ora maraina.